

Tantara hoan'ny ankizy

Very tany an-tsena

Nosoratan'i Carolyn R. Sutton

[**Naoty hoan'ny mpitantara:** azonao atao tsar any manova ny anaran'ity tovovavy ity mba hahafahan'ny ankizy miaina tsara ilay tantara araka ny kolotsina misy eo an-toerana.]

Nandeha niantseha niaraka tamin'ny reniny I Nina. Ankafizin'I Nina ery ny mijery ireo sary eo amin'ny fonon'ny sakafo amidy eo amin'ilay tsena fandehanany. Ny renibeny no nitaiza ny anadahikeliny androany, noho izany, afaka nandeha niantseha I neny mandra-piverin'ny rain'izy ireo izay mampianatra eo amin'ny sekoly kristianina.

“Nina, malalako a,” hoy ny reniny avy ery lavitra ery, “Aza manalavitra ahy ianao. Sao dia very any anie e.”

“Eny neny o,” hoy I Nina.

Vazriana aok'izany I Nina nandinika ireo sary omby teo amin'ny boaty fitoerana ronono. Manao izay azo atao izy hahafahany mijery io fitoeran-tsakafo io. I neny kosa variana mividy ireo zavatra natao lisitra fa tsy maintsy ho vidiana.

“Kay ianao zaza hendry,” hoy I neny nitsiky sady nijery azy. “Zavatra roa sy telo sisa no jerentsika dia mody isika, hoy I neny.”

Nahita hevitra ary I Nina. “Neny o, afaka mividy glasy ve isika mandritra izao fotoana maha aty an-tsena antsika izao?”

Nijery azy ny reniny sady nanao hoe, “Mety afaka mandeha mividy an'izay isika raha toa ka tsy lany fotoana mividy zavatra ato.”

“Manao ahoana ianao ramatoa Sanchez,” hoy ilay olona niresaka.

Nitraka I Nina nijery, ary indro hitany nisy vehivavy efa lehibe nanatona azy ireo. Nifandray tàmàna teo izy roa vavy.

“Mahafinaritra ery ny mahita anao indray ry Rosa!” hoy I neny. “Tena hitanay hoe nisy banga mihitsy ny fiainanay nanomboka tamin’ireny ianao nifindra monina ireny. Manao ahoana ianao izao?”

Nanony niresaka teo izy mirahavavy ary nanomboka leo Nina nijajirika nihaino ny resaka nataon’izy ireo, sady amin’izay mahangoly ilay toerana nitsanganan’izy ireo. Nihabetsaka ny olona niditra tao an-tsena ary niha hariva ny andro. Niherikerika I Nina nitady toerana hipetrahana. Ary dia nahita tokoa izy! Io toerana io dia natao hametrahana entana amidy saingy efa lany avokoa ny entana teo ary mbola tsy nisy nametraka entana vaovao teo amin’izany faritra izany.

Nipetraka teo ambanimbany I Nina, Tsy maintsy niondrika izy satria sao dia voadonan’ny fitoeran’entana eo ambonny ny lohany. Mbola nanohy niresaka ihany I neny sy ilay namany . . . nihamaro ihany koa ny olona nandalo teo . . . Nanomboka leo be Nina. Nitsangana izy nijery hoe inona no amidy eo amin’ny fitoeran’entana eo amboniny, noho izany ary dia nanomboka nihanika izy. Toa mahafinaritra ery izany avoavo izany an! Nahita sarin’ny tovovavy iray mitsikitsiky I Nina, tsara volo ary mitazona voninkazo sy sira eny an-tànany. Avy eo dia hitan’I Nina fa eo amin’io faritra io dia misy baoritra marobe ahitana ny sarin’io tovovavy mahafinaritra sy mahavariana io.

Toa kambana maro be izy ireto, hoy I Nina. Mba firy ary ireo? Andraso andramako isaina Iray, roa, telo...fito, valo sivy. Oay, firy moa rehefa tapitra ny sivy? Oay o, iretsy ihany koa misy sarin’ily omby indray. Aah, itsy indray misy renim-pianakaviana faly ery eo amin’ny sary. Oh . . . neny be dia be amin’ny baoritra be dia be! Andraso fa isaiko ihany koa ireo.

Hay kay I Nina efa niala lavitra ny toerana nisy azy satria variana nijery sy nanisa sary. Hitany tampoka nisy sarinà aliaka kely teo amin’ny baoritra iray, faly ery izy nahita ilay sary, sady nihomehy nikiakiaka izy no niantso hoe, “Neny o, jereo anie io aliaka kely io e!”

Tsy namely anefa ny reniny, niezaka nitady ny mason’ny reniny izy sady nitraka. Vahoaka marobe no hitany manodidina azy. Vahoaka tsy ary hitany hatramin’izay! Vahiny aminy! Tsy tazany mihitsy ny neniny.

Tampoka teo dia tora-kovitra I Nina. Irery izy izao! Lasa aiza ny neniny! Niezaka ny hiantso izy, saingy tsy nahavoaka feo akory satria natahotra. Niezaka ny hidina avy eny ambony izy saingy fohy loatra ny ranjony ka tsy tafidina izy. Nitsambikina tao amin'ny harona misy kodiarana nentin'ny olona hiantsenana izy. Rehefa niezaka ny hivily izy dia nisy olona tsy fantany nanosika ilay harona misy kodiarana.

Tampoka teo dia nihiakiaky ny tomany I Nina, hitany tampoka ny feny. “Neny! Neny! Hoany amin'ny neny aho!” Nijanona ny mpiantsena nijery azy. “Neny o, aiza ianao?” Nanomboka nangovitra izy satria natahotra. Tsy mbola nahatsiaro tena ho irery toy izao izy, ary tsy nisy mpihevitra. Fa inona ary no nitranga taminy e? Mety kapohin'ireo olona tsy fantatro ireo ve aho? Hoy izy tany an-tsainy. Mety hisy olona hisintona azy ve dia tsy ahita ny reniny intsony izy?

Raha mbola mingonongonona manodidina azy ny vahoaka marobe, dia injay ren'I Nina feo malefa sy mahafinaritra iray. Ny feon'ny reniny!

“Nina! Nina! Zah sahirana nitady anao hatraiza hatraiza!” Notrotroin'I neny I Nina sady nofafany ny ranomasony. Ny hany sisa azon'ny Nina natao dia nanankina ny lohany teo amin'ny soroky ny reniny ary nisento. Na dia mbola nifokofoko aza izy dia nanontany hoe, “Neny o, fa naninona aho no navelanao irery teto, fa taiza ianao?”

Nitsiky I neny sady namely hoe, “Tsy izaho anie no nandeha zanako e, fa ianao.” Tampoka teo dia nivadika natahotra indray I Nina sao dia kapohin'I neny. Tsy izany nefa no nataon'ny reniny, nofihiny mafy izy sady hoy izy hoe “Ao fa tsy hisaraka intsony isika an, izany an?”

Ao fa hividianan'ny neny glasy, “Nina, hoy ianao hoe nahatsiaro ho irery ianao teo satria tsy naheno ny feoko sady tsy nahita ahy. Saingy tsy irery ianao satria izaho tato an-tsena dia tsy nitsahatra ny nitady anao.

Sady nobanjinin'I Nina ny reniny no manohy mankafy ilay glasy izy.

“Fa misy zavatra tena manan-danja an,” hoy I neny nanohy, “zavatra izay tsy maintsy ho tsarovanao foana manomboka androany. Na dia tsy nitady anao tato an-tsena aza aho, dia tsy irery na oviana na oviana ianao. Miaraka aminao ato an-tsena ihany koa anie Jesosy e—Miaraka amintsika eto izy izao mandritra izao fotoana hihinantsika glasy izao. Azontsika atao ny mahatoky fa eo akaikintsika mandrakariva izy ary mandre ny vavaka ataontsika rehefa miantso azy isika satria mila fanampiana. Tadidio tsara izay Nina kely an. Tsy irery mandrakizay ianao.”

Rankizy faly ve ianareo satria afaka milaza amin’I Jesosy izay rehetra tianareo lazaina aminy? Faly ve ianareo satria tsy mandeha lavitra mihitsy izy fa eo akaikintsika foana? Isika ihany koa tokony hitandrina tsara mba tsy hanalavitra azy.

Andeha isika hiresaka amin’I Jesosy izao ankehitriny izao. Misy ankizy lahy na ankizy vavy afaka hivavaka ve hamaranana ny toriteny?

[Naoty hoan’ny mpitantara:raha tsy misy manolo-tena dia manaova vavaka tso-drano ho azy ireo.]

—Tapitra—

Toriteny: Mahatakatra ny zavatra manjo antsika Andriamanitra

Nosoratan'i Chantal Klingbeil

Fampidirana

Androany isika dia hifantoka manokana amin'ny vavaka. Ny baiboly dia ahitana vavaka mafana maro ary ahitana valim-bavaka mahafinaritra isan-karazany ihany koa. Androany maraina isika dia hiresaka ny amin'ny iray amin'ireo vavaka nahery vaika indrindra teo amin'ny tantara. Andeha hojerentsika ny 1 Mpanj 18 ka atombotsika eo amin'ny andininy faha 30.

30Ary hoy Elia tamin'ny olona rehetra, manatona ahy. Dia nanatona azy ny olona rehetra. Ary Elia nanamboatra ny alitaran'I Jehovah izay efa rava

31ka naka vato roa ambin'ny folo araka ny isan'ny firenen'ny zanak'I Jakoba izay nihavian'ilay tenin'I Jehovah hoe : Israely no ho anaranao;

32Ary izany vato izany dia nataony alitara hoan'ny naran'I Jehovah. Ary nanao hady kely manodidina ny alitara koa izy izay mifafy voan-javatra in-droan'ny famarana

33Ary nandahatra ny kitay hazo izy, dia nandrasa ny vatotrombilahy ka nametraka azy teo ambonin'ny kitay hazo

34Dia nanao hoe: fenoy rano ny siny efatra ka haidino eo amin'ny fanatitra hodorana sy ny kitay hazo. Di ahoy koa izy: ataovy indray izany dia nataony indray. Ary hoy koa izy, ataovy indray koa izany, ary dia nataony indray koa.

35Ary ny rano nikorotsaka nanodidina ny alitara; ka nofenoiny rano koa ny hady kely

36Ary nony tamin'ny fotoan'ny fanatitra hariva, dia nanatona Elia mpaminany ka nanao hoe: Jehovah o, Andriamanitr'I Abrahama sy Isaka ary Israely, aoka ho fantatra anio fa lanao no Andriamanitra amin'ny Israely, ary izaho no mpanomponao ary araka ny teninao no efa nanaovako izao zavatra izao.

37 Mihainoa ahy, mihainoa ahy Jehhovah o, mba hahafantaran'ireto olona ireto fa ianao no Jehovah Andriamanitra, ary lanao no mampiverina ny fony indray

38Dia latsaka ny afon'I Jehovah ka nandevina ny fanatitra dorona sy ny kitay hazo sy ny vato ary ny vovoka sady nandritra ny rano tao amin'ny hady kely.

Tena vavaka lava tokoa izany, ary azo lazaina fa manana ny maha izy azy, ary Andriamanitra nandre ny vavaka nataon'I Elia ka nandefa afo avy any an-danitra – valim-bavaka hita maso sy mivaingana no nitranga.

Tsy tapitra teo anefa ny valim-bavaka mahery vaika voarain'ny Elia ho setrin'ny fangatahany. Eo amin'ny andininy faha 42 dia nandeha teo an-tampon'ny tendrombohitra karmela indray Elia. Tamin'izay dia niankohoka izy ary nanao vavaka mangina hirotsahan'ny orana satria nijaly noho ny

hain-tany ny zanak'Israely nandritry ny 3 taona. Tamin'ity indray mitoraka ity dia tsy nivaly teo no ho eon y vavaka nataony. Tsy maintsy naharitra nivavaka izy.

Im-pito izy no nivavaka nialohan'ny nahitany famantarana kely ny amin'ny fahazoana valim-bavaka. Rahona kely tahaky ny fela-tànana izany, saingy ampy. Fantatr'I Elia fa nohenoina ny vavaka nataony.

Fotoana fohy monjy taorian'izay dia toa nisokatra ny lanitra satria dia oram-be nivatravatra no nirotsaka.

Elia dia nahafantatra ny atao hoe vavaka. Fantany ny atao hoe mangataka, fantany ny atao hoe maharitra, ary fantany ny atao hoe mahandry.

Mety nisy fotoana teo amin'ny fiainanao izay ahafahanao milaza fa nitovy ny fanandramana niainanareo sy Elia. Fotoana izay nitondranao am-bavaka olona iray na toe-javatra iray ka nahitanao valim-bavaka tamin'ny fomba mahagaga sy mahafinaritra.

Angamba tsaroanao ihany koa ankehitriny ny amin'ilay vavaka iray izay nasandratrao. Angamba mety tsy nihatsara ny fahasalaman'io olona nentinao am-bavaka io. Angamba tsy azonao ilay asa. Angamba mbola tsy mahazo zaza ihany ianao.

Angamba mety tsy mitovy ianao sy Elia, ilay mpitolona am-bavaka saingy saino izao _ amin'ny fotoana sasany eo amin'ny fiainantsika dia mety hitovy amin'ny fanandraman'I Elia izay niainany taorian'ny nandehanany teo amin'ny tendrombohitra karmela ny fanandramana niainantsika.

Ao anaty fahakiviana

Efa vizana tanteraka Elia, na ara-pihetseham-po na ara-batana rehefa avy nandalo ny fanandramana teo amin'ny tendrombohitra karmela. Efa reoky ny torimaso izy tamin'ny fotoana nahitan'ny mpitondra hafatr'I Jezebela azy. Eo fahatairana tampoka sin y fandrahonana ho faty avy amin'ny mpanjaka vavy dia toy ny varatra nipoaka hoan'I Elia. Varatra izay nandetika azy hilentika ao anatin'ny lavaka lalin'ny fahakiviana.

Matetika ny fahakiviana dia mitranga aorian'ny harerahana ara-batana na ara-pihetseham-po. Indraindray dia tsy tsikaritsika akory fa kivy isika raha tsy afaka herinandro maro maro, volana maro ary aman-taona mihitsy aza. Mety hangetana ara-panahy mihitsy aza isika satria rotsirotsian'ny hakiviana. Tsy tsapantsika ilay izy raha tsy efa mamatotra mafy antsika.

Andeha hojerentsika hoa ahoana no nihatrehan'I Elia, ilay lehilahy maherin'Andriamanitra, izany toe-javatra izany. Ao amin'ny 1 Mpanj 19 dia hitantsika fa nanomboka nihazakazaka I Elia. Ny dingana voalohany mankamin'ny hakiviana dia ny hazakazaka. Indraindray isika dia mihazakazaka mankamin'ny vata fampangatsiahana ary miezaka ny hihinana ny tenantsika ao anatin'ny fifaliana. Indraindray kosa dia ezahintsika ampatoriana ny fihetsem-pontsika. Indraindray kosa dia vesarantsika asa mafy ny tenantsika, fanenjehana tanjona maro isan-karazany mba hahafahantsika hilefa ilay toe-javatra tsy ahitana anarana mahavita manaisotra vetivety ny hafaliantsika sy fanantenantsika.

Noho izany, nihazakazaka I Elia. Nihazakazaka izy ary nihazakazaka mafy hatrany, 150 kilometatra. Nankany Beriseba, avy eo nankany an'efitra. Saingy nony farany, tahaka izay nitranga tamintsika ihany koa, dia tonga tamin'ny toerana tsy nahafahany nihazakazaka intsony I Elia. Reraka tanteraka izy rehefa tonga teo am-pototr'ilay hazo. Teto dia nanomboka nanatratra azy ny fahatsapan-tena ho

feny fahotana. Tsapany fa ny tsy fahampian'ny tsy fitokiany tamin'Andriamanitra no nanala ny fahafahany hitondra fanavaozana teo amin'I Israely. Tsapany fa nandiso fanantenana ireo olona mba niantehitra taminy izy. Saingy ankehitriny dia tsy manana hery intsony izy hanaovana na inona na inona.

Be loatra ny zava-nitranga hoan'I Elia. Saingy izy mihitsy no nandeha dia lavitra tamin'ny firenirenena ary namonjy teo am-pototry ny hazo anjavidy. Iza no nolazainy : "Aoka izay, alao ny aiko ankehitriny Jehovah o, fa tsy tsara noho ny razako aho". 1 Mpanj 19 : 4

Elia, ilay mahery fon'ny vavaka dia nangataka ny ho faty. Very fanantenana izy noho ny hadisoany ary nanapa-kevitra ny hilavo lefona.

Mahatsapa tena ho toy izany ve ianao?

Mety hitovy ve ankehitriny ny vavaka ataonao sy Elia? Mahatsapa ve ianao fa te hilavo lefona na amin'ny ara-panahy na amin'ny ara-nofo? Mihevitra ve ianao fa nanao hadisoana be vava loatra ka tsy afaka manarina na inona na inona intsony ? Mahatsiaro reraka ve ianao ary tsy manan-tsafidy intsony?

Raha izany, dia manana namana tsara ianao. Maro tamin'ireo ngezalaha ara-panahy no efa nahatsapa tena toy izany. Misy vaovao mahafaly. Andriamanitra dia nahay nifampiraharaha tamin'ny Eli. Afaka ny hifampiraharaha aminao ihany koa izy.

Mahatakatra ny zavatra mitranga eo amin'ny fiainantsika Andriamanitra

Na nanao ahoana na nanao ahoana fihetsem-pon'I Elia, dia tsy nanary azy Andriamanitra. Tsy nanome tsiny azy Andriamanitra. Naniraka ny anjeliny izy haneho fa miray fo aminy ny lanitra. Ao amin'ny andininy faha 7, ilay mpitondra hafatra dia nilaza fa : "mafy loatra hoanao io làlana nodiavinao io". Tsy nanome tsiny ny mpaminaniny Andriamanitra, ary tsy manome tsiny anao ihany koa izy. Izy no mahatakatra bebe kokoa ny zavatra mitranga amintsika noho isika hitrangan'izany. Fantany hoe inona no nitarika antsika ho eo amin'izany toerana izany.

Rehefa latsaka any amin'ny lalina indrindra isika dia tsarovy fa akaiky antsika Andriamanitra.

Henoy anie ity andalan-teny mahafinaritra ity e: "Mety tsy ho tantsika mazava fa manatrika antsika ary mamihina antsika Andriamanitra mandritry ny fotoana sarotra lalovantsika, saingy mamihina antsika am-pitiavana sy amim-piraisam-po izy. Mety tsy ho tsapanao ny fikasihany, saingy ny tànanay dia manafosafo anao amim-pitiavana sy hatsaram-panahy. (Steps to Christ p 96, 97; EGW)

Mihoatra noho ny firaisam-po no ataon'Andriamanitra. Manolotra fanampiana hoanao izy mba hahafahanao miarina aloha. Hoan'I Elia manokana dia mpitondra hafatra no nirahiny ary nasainy nitondra sakafo sy rano ho azy. Manome fanampiana ho ahy sy ho anao ihany koa Andriamanitra. Mety ho namana, mpanolo-tsaina na mambran'ny fianakaviana izany. Amin'ny alalan'ny teny sy asa ataon'izany olona izany no ahitanao fa mikarakara anao Andriamanitra.

Manolotra fialan-tsasatra ihany koa Andriamanitra. Fantany fa ny hazakazaka rehetra nataony dia namizana azy. Fantatr'Andriamanitra ihany koa fa mihoatra noho ny harerahany ara-batana dia kivy ihany koa ny fanahin'I Elia. Nanamaivana ny arerahany Andriamanitra ary afaka naka aina sy nanangona hery vaovao indray ny mpanompony.

Rehefa tena ekentsika fa namela ny fahotantsika Andriamanitra ary manadino ny ratsy nataotsika dia afaka ny ahita fiadanana isika.

Mila fotoana ny fanasitranana

“Fa izy mahalala ny toetsika ka mahatsiaro fa vovoka isika. Sal 103: 14. Tsy nitratrevatreva Andriamanitra tamin’ny fanasitranana, nomeny fotoana I Elia mba hahafahany mahazo hery. Mila fotoana ny fanasitranana. Ilaintsika ny manokana fotoana hiresahana amin’Andriamanitra na dia tsy azontsika eo no ho eo azan y fanasitranana.

Fantatr’Andriamanitra fa ny fiainana eto amin’ity tany anjakan’ny fahotana ity dia mety hitondra fahakiviana. Fantany fa matetika isika no mihazakazaka miezaka milefa io hakiviana io. Tiany ny hanova ny lalantsika amin’izany hazakazaka izany. Raha hilefa ny toe-javatra mitranga no tanjontsika _ MATETIKA IZANY NO MITONDRA ANTSIKA AMIN’NY FAHAPOTEHAN’NY TENANTSIKA _ , Andriamanitra kosa maniry mba hihazakazaka hanatona azy isika. Maniry izy ny hahazantsika mihaino ilay feony malefaka.

Ny tohin’ny tantara

Fa andeha isika hiverina amin’ny tantaran’I Elia. Mbola eo ambanin’ily hazo anjavidy isy ankehitriny. Tao amin’ny andininy faha enina dia nihinana sakafo nentin’ily anjely izy ary niverina natory. Adiny firy izy no natory? Tsy fantatsika fa rehefa avy eo dia nofohazin’ay anjely izy ary nomeny sakafo indray. Teto dia nisy zavatra mahafinaritra nitranga, nanatona azy indray ilay anjely ary niteny hoe : “Mifohaza ka homàna fa lavitra loatra ny alehanao. Dia nisotro izy ka nihinana sy nisotro ary nandeha tamin’izany tanjaka azony tamin’izany hanina izany efa-polo ando sy efa-polo alina izy ho any Horeba, tendrombohitr’Andriamanitra.

Tsy nana hery hiarenana sy hifanatrehana amin’Andriamanitra intsony Elia. Tamin’ny fotoana mety, dia nomen’Andriamanitra izay ilainy izy hahazoany hery hihatrehana fivoriana.

Rehefa tonga teo amin’ny toerana hanaovany fivoriana miaraka amin’ny lanitra izy, dia nilainy ny niandry sy nianatra ny mahakasika ny vavaka. Tsy amin’ny fotoan-dehibe ihany akory vao eo Andriamanitra, tsy valim-bavaka miezinezina ihany akory no omeny. Tsy voatery tselatra sy afo milatsaka avy any an-danitra ihany akory vao valim-bavaka. Raha mbola niandry Elia, “Ary indro nandalo Jehovah ka nisy rivotra be sady nahery vaika namakivaky ny tendrombohitra, sady nanorotoro ny haram-bato teo alohan’I Jehovah, nefa Jehovah tsy tao amin’ny rivotra; ary nanarakaraka ny rivotra, nisy horohoron-tany, kanefa Jehovah tsy tao amin’ny horohoron-tany; ary manarakaraka ny horohorotany nisy afo, kanefa Jehovah tsy tao amin’ny afo; ary nanarakaraka ny afo nisy feo nitsoka malemy.

Ary izany no tokony hianaran’ireo izay rehetra manandratra vavaka, ilain’izy ireo ny mianatra mihaino ilay ‘feo mitsoaka malemy”.

Raha nandry teo amin’ny anjavidy I Elia dia nihevitra fa tsy hisy andro hahitany fifaliana intsony. Andriamanitra kosa nahita zavatra hafa. Hitany fa mivelatra eo anoloan’I Elia ny andro ahitany fifaliana. Mbola misy mpanjaka maro omeny hosotra ary mpaminany hosorana handimby azy. Fantatr’Andriamanitra ny mahakasika an’I Elia, ilay mpandimby an’I Elia, izay horaisiny ho toy ny zanany. Fantatr’Andriamanitra izany. Fantany fa amin’ny alalan’ny finoana dia mbola hisy afo

hilatsaka avy any an-danitra noho ny vavaka nataon'I Elia. Hoan'ny Elia dia tsy fahafatesana eo am-pototry ny hazo anjavidy no miandry azy fa kalesy afo hitondra azy hoany an-danitra, ary tsy fandalovana amin'ny fahafatesana. Andeha isika hanandrana izany ihany koa.

Amin'ny fotoana ahatsapantsika fahalemena lehibe indrindra no hanafihan'I Satana antsika amin'ny fakam-panahy. Amin'ny alalan'izany no noheveriny hahazoana fandresena na dia nanoloana ny Zanak'Andriamanitra aza. Efa nandresy tamin'io fomba io mantsy izy nanoloana ny zanak'olombelona maro.

Dia toy izany ihany ankehitriny. Rehefa miatrika fisalasalana isika, vaky loha noho ny zava-mitranga ary vesaran'ny fahantrana sy alahelo, Satana dia miezana ny hanozongozona ny fahatokiantsika amin'Andriamanitra. Eo izy dia miezaka ny hampivandravandra eo anoloantsika ny fahotantsika, miezaka izy ny hisalasalantsika mahakasika ny fitiavan'Andriamanitra antsika. Manantena izy fa ho kivy isika ary hamotsotra ny tanantsika hiala amin'Andriamanitra.

Izany dia mety hanozongozona ny finoana matanjaka indrindra ary hampahalemy ny faniriana tsara indrindra. Saingy Andriamanitra mahatakatra ny zavatra mitranga amintsika. Mitsetra antsika izy ary maneho fitiavana antsika. Izy dia mahafantatra ny antony mamporisika antsika sy izay rehetra ao am-pontsika. Ny miandry amim-paharetana sy ny mahatoky na dia ao anatin'ny haizina az no lesona tokony hianarantsika. Tsy hamela antsika ho irery ny lanitra raha miatrika fisafotofotoana isika. Tsy misy zavatra tsy mila fanampiana, tsy misy zavatra tsy hay resena ankoatry ny fanahy iray mahatsapa ny maha tsinontsinona azy ary mifandray manontolo amin'Andriamanitra. (Mpaminany sy Mpanjaka 174, 175)

Aiza no toerana misy anao an droany? Raha teo amin'ny toeran'ny Elia tamin'izy teo amin'ny tendrombohitra karmela dia hisaory Andriamanitra. Saingy tadidio fa tsy eny an-tendrombohitra foana akory, eny amin'ny avo hatrany no hisy anao. Aza vela ho tsy renao ny feon'Andriamanitra malefaka. Raha toa ianao ka I Elia izay mihazakazaka milefa ary manao zavatra izay tsy hamaha ny olana mitranga, na ihany koa I Elia eo ambany hazo anjavidy izay mahatsiaro tena ho vaingana tsy fahombiazana, dia tsarovy fa misy fanantenana.

Maso hafa sy fijery hafa no hahitan'Andriamanitra ny fandehan-javatra. Mahatakatra ny zavatra miseho eo amin'ny fiainanao Andriamanitra. Maniry ny hanaisotra anao amin'ny fahatsapan-tena ho meloka Izy. Hiasa amin'ny alalan'ny hafa Izy mba hanome anao izay ilainao ankehitriny. Azo antoka ihany koa fa hanome anao hery mba hahafahanao mihaona aminy indray Izy. Mbola hoavy ny tsara indrindra raha toa ianao ka maiky ny hihaino, ny hanaraka ilay feo malefaka avy aminy. Mahatakatra izay mahazo anao Andriamanitra ary vonona Izy ny handrotsaka fitahiana ho anao androany. Vonona amin'izany ve ianao?